# 23 NY RIBA FIAMPITANA

## LOHAHEVITRA

- Mahafantatra antom-pisian’ny riba sy ny lanjany ho an’ny fiarahamonina malagasy.

## LESONA HO TADIDINA

**Famaritana**

Misy ny riba samihafa entina manamarika ny fiampitana ireo dingana samihafa eo amin’ny fiainana maha-olombelona lalovan’ny malagasy. Ary izy ireny dia voamarika hatrany amin’ny fombafomba maro isan-karazany.

Fombafomba fiampitana (fialana amin’ny toerana iray ho any amin’ny toerana hafa)

Ny riba fiampitana dia fombafomba atao entina manamarika dingam-piainana iray. Ho an’ny Malagasy, izany dia anaovana lanonana (fety sy sakafo) ankoatra ny fombafomba atao izay samy misy dikany avokoa.



**Ireto no dingam-piainana lehibe marihin'ny Malagasy manokana mandritra ny androm-pahavelomany:**

| Fotoana | Ny dingam-piainana lalovana |
|---|---|
| 0 taona | FAHATERAHANA : fidirana ao amin'ny tontolon'ny velona |
| Herinandro | MIVOAKA ITANY: fifampikasohan'ny zaza voalohany amin'ny tontolo manodidina azy, tontolon'ny velona |
| Telo volana | ALA VOLON-JAZA: fidirany tanteraka ao amin'ny tontolon'ny velona/ ny ankohonana/ny fiarahamonina |
| Mandeha | DIDIM-POITRA : fampitana ny zazalahy mba ho tena lehilahy |
| Maoty | FANAMBADIANA: fidirana ao amin'ny tontolon'ny fanambadiana<br>Tokan-tena >> Manambady |
| | FAHAFATESANA: fidirana ao amin'ny tontolon'ny maty<br>Tontolon'ny velona (fiainana an-tany) >> tontolon'ny maty (any ankoatra) |
| | FAMADIHANA: fandrazanana, fanomezana ny razana hasina maha razana azy (tontolon'ny razana) |

**Lanjan'ny riba fiampitana**

- Fanomezan-kasina sy fifanomezan-kasina eo amin'ny tsirairay arakaraka ny fomba amam-panao atrehina

  ohatra: Ny rom-patsa atolotra ny reny vao teraka hanomezana lanja sy haja ny reny tera-bao

  Ny kitozan'ny mpifana kosa dia fisaorana sy fanajana ny mpamangy.

- Mari-panajana ny niandohana sy ny razana

  ohatra: Ny famonosana lamba vaovao ny razana dia sady fahatsiarovana azy ireny no fandrazanana na fampitomboana ny hasina ananany.

- Ny riba dia tsy inona fa ilazana ireo kolontsaina sy fomba amam-panao ao amin'ny firenena iray. Noho izany dia manome lanja ny haren-tsain'ny firenena ny riba fiampitana.

**SAHANASA 1**

LAHATSORATRA : MANANA NY FOMBAFOMBANY MALAGASY

Manana ny fombafomba manokana atao ny Malagasy eo amin'ny fiterahana sy ny aoriany. Ekena mantsy fa dingana lehibe sy sarotra amin'ny fiainan'ny vehivavy ny fitondrana vohoka sy ny fiterahana. Raha vao bevohoka ny vehivavy, dia amin'ilay fitenenana hoe : "fanaka malemy". Tsy natao hitsangana ela, ary omena toerana voatokana any amin'ny fitaterana izy ireo. Rehefa misy ny filaharana, dia alefa mialoha, fa tsy miandry ny anjarany ireo bevohoka sy mitaiza kely. Amin'ny foko sasany dia tsy mahazo mandevina ny mitondra vohoka. Araka ny foko misy moa dia misy ny fady mandritra ny fitondrana vohoka. Misy indray dia tsy manasaro-javatra, fa fitandremam-pahasalamana fotsiny no atao.

**Vanessa Zafimahova**

1- Tanisao ny fanomezan-danja ny reny mitondra vohoka lazain'ny lahatsoratra.

2- Aiza ho aiza amin'ny dingana lalovan'ny olombelona no atrangan'ity lahatsoratra ity ?

3- Inona no riba fiampitana hita taratra amin'ny lohahevitra mifandraika aminy?

**SAHANASA 2**

Hazavao ao anatin'ny fehezanteny 10 eo ho eo ny riba fiampitana ao amin'ny famorana.

**SAHANASA 3**

Indro ampahan kabary iray,

Izay no ela, izay no fohy Tompokolahy sy Tompokovavy hajaina, nefa na dia ela za izay tsy azo lalovam-potsiny fa saran'ny lalana sy voha-vavahady ahafahana mizotra amin'ny lalan-kaleha.

Tonga eto aza izahay tompoko, manotrona izao zatovolahy efa nomenareo toerana manokana izao! Mitsangana kely aloha ry ise mba ho hitan'ny olona tsara a! Tonga eto izahay hoy izahay teo manotrona izao tovolahy izao, singany ka mila namana, irery ka mila mpanohana! Izahay izay tonga eto dia fianakaviana avy amin'Andriamatoa…, zanaky… sy…, avy ao… taranaka avy amin'nylafin-drainy…, sy taranaka avy amin-lafin-dreniny…. Tonga eto hiandra vovonana ka hangataka ny zanakareo vavy Ramatoakely …, zanaky…, sy… avy ao…, taranaka avy amin'ny lafin-drainy…, sy taranaka avy amin-lafin-dreniny… Tonga eto izahay tompoko satria fantatray, fantatry io zandry znakay io tsara fa eto aminareo hono manko ilay domoina malemy paika manambaka ny voromailalan'Iarivo. Eto aminareo no misy ilay sampan-kavia mahay mihaingo nahababo ny fon'izato zanakay izato. Koa aza avela hanao kabarin-tsaka re izahay fa mba ekeo ny fangatahanay satria ry zareo rahateo efa mifankatia. Tianay ihany anefa no mamerina aminareo fa izahay efa vonona ny tsy hiala eto raha tsy mitondra mody. Koa miandry ilay ENY avy aminareo izahay tompoko! Misaotra tompoko!

1- Raha ny fahalalanao azy, inona no mety ho zava-mitranga eto raha ny hita taratra eto amin'ity lahatsoratra ity?

2- Nahoana no lazaina fa misy riba fiampitana ao amin'ny fomba amam-panao fanatanterahana ny fanambadiana malagasy?